



Fahaiza-mamaly ny andiam-panontaniana na QCM

Ny andiam-panontaniana na QCM dia mitaky **fahaiza-manavakavaka** tsara avy aminao mba hahafaha-manavaka ny valiny marina amin'ny fandrika. Manezaka hatrany mantsy ny mpampianatra izay namolavola ireny fanontaniana ireny ny hanafina amim-pahakingana ny valiny marina amin'ireo tolo-baliny izay sarotra avahana aminy tokoa! **Tsy mandeha hoazy mihitsy akory ny famantarana ny tolo-baliny marina....** Ambonin'izany, tsy ny famantarana ny valiny marina fotsiny akory no zava-dehibe, fa matetika ny fahaiza-mampiseho saina mahay mamintina, mamakafaka ary mahay mampihatra ny taranja. Matetika no manana vontoa sarotra-pantarina ireny fanontaniana mitaky karazana fandinihana lalina ireny.




Miantomboha amin'ny famakiana manontolo ireo fanontaniana amin'ny fanadinana aloha. Valio aloha ireo mora ary atokany ireo tena sarotra.




2

Rehefa voavalinao avokoa ireo fanontaniana hainao, ivereno amin'izay ireo izay nodinganinao. Vakio ny fanontaniana rehetra sy ny tolo-baliny tsirairay ary foano ireo tolo-baliny izay heverinao fa diso. Vonoy, tsipiho amin'ny pensilihazo ireo valiny diso raha azo atao.



3

Vakio ny fanontaniana ary valio amin'ny fomba fiteninao manokana izany. Safidio manaraka izany ny tolo-baliny izay manakaiky indrindra amin'ny valiny izay efa novolavolainao manokana teo aloha.



4

Vakio tsirairay ireo tolo-baliny sady mametraha fanontaniana amin'ny tenanao raha marina izy ireo na tsia. Vonoy amin'ny alalan'ny tsipika hatrany hatrany ireo valiny diso rehetra.


70. The word TALE is synonymous with _____

A. Legend

B. Fable

C. Both A and B

D. None of the above



wikiHow


5

Foano ireo valiny hentitra loatra. Matetika no tsy marina ireo tolo-baliny ahitana teny toy ny “lalandava (toujours)”, “tsy misy mihitsy na iray aza (aucun)” na “tsy misy mihitsy mandrakizay (jamais)” raha miohatra amin’ireo valiny izay ahitana ohatra teny sahala amin’ny hoe: “amin’ny ankapobeny (en general)” na “angamba (probablement)”.

71. Dogs have _____

- A. Four legs
- B. a Nose

- C. a Tail
- D. All of the Above




6

Aza misafidy ny tolo-baliny manana endrika toy ny hoe : “Marina avokoa ireo valiny voatanisa ireo” raha tsy hoe angaha hitanao fa tena marina avokoa ireo valiny natolotra anao rehetra ireo.

71. Abby likes to _____

- A. Write poems
- B. playing games

- C. singing
- D. All of the Above



7

Hamarino tsara ny fiafaran'ny fanontaniana sy ny fiantombohan'ny valiny. Tokony hifanaraka ny fanontaniana sy ny valiny. Raha mifarana amin'ny mpanoritra tsy voasoritra milaza isa tokana ohatra ny fanontaniana dia tokony hifanaraka amin'izay koa izany ny valiny. Tsy izay mpanoritra milaza maro mihitsy amin'izay no safidy arosoanao.


71. $3x[x+2(4x)+2x^2]$ find x

~~A. 12~~

B. 77

C. 69

~~D. Undefined~~



8

Rehefa tsy hitanao izay ho valin'ny fanontaniana, safidio hatrany ny tolo-kevitra B na C. Matetika mantsy ny mpampianatra no manafina ny valiny marina ao ampovoan'ny tolo-baliny.

Farany, maro samihafa ny fomba fitsarana ny andiam-panontaniana ahitana tolo-baliny na QCM. Mety hisy fiantraikany ratsy amin'ny naotinao ihany ny sasany amin'izy ireny rehefa sendra nitsatoka valiny iny ianao (nanjary niala isa iray ohatra ny naotinao noho ianao nisafidy ny valiny diso raha toa ka tokony ho aotra) ary ny sasany tsia. Fantaro mialoha ny fanadinana vokatr'izany ny

hahalalana raha tokony hitsatoka ny valiny marina ianao na tokony tsy hamaly ireo fanontaniana izay tsy hainao mazava izay tena valiny marina.

Source : <http://fr.wikihow.com/r%C3%A9ussir-une-%C3%A9preuve-de-QCM>

Fafana andiam-panontaniana misy tolo-baliny na QCM tsy ahitana afa-tsy fanontaniana mitaky valiny tokana.

Ireto endrika telo ireto ihany no azo ekena rehefa hisafidy tolo-baliny,

Imariho x ny mahitsizoro misy ny valiny marina

	A	B	C	D	E
Q1	<input type="checkbox"/>	<input checked="" type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

→ tolo-baliny voasafidy : B

mahitsizoro iray ihany no nohamaintisina (mba hanafoanana ny marika x) ary mahitsizoro hafa iray no asiana marika x

	A	B	C	D	E
Q1	<input type="checkbox"/>	<input checked="" type="checkbox"/>	<input checked="" type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

→ tolo-baliny voasafidy : C

Nohamaintisina ny mahitsizoro iray ary tsy nisy tolo-baliny nomarihina x naroso

	A	B	C	D	E
Q1	<input type="checkbox"/>	<input checked="" type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

→ tolo-baliny voasafidy : B

Fafana andiam-panontaniana misy tolo-baliny na QCM ahitana fanontaniana tokana na maromaro mitaky valiny maromaro.

Tandremo: Amin'ny ankamaroan'ireo fafana amin'ny fanadinana, amin'ity karazana iray ity, dia tsy misy fanitsiana azo atao amin'ny fanamaintisana mahitsizoro tokana. Mitombina io ho an'ny fanontaniana maro mitaky valiny maro fa ihany koa ho an'ny fanontaniana maro mitaky valiny tokana! Tsy misy afa-tsy ny famafana azy amin'ny gaoma ihany no vahaolana tokana mba

hanafoanana marika x iray (ho an'ny mampiasa rafi-panitsiana mandeha ho azy dia na voamarika x ny mahitsizoro na tsia).

Ny mahitsizoro nohamaintisina sy nomarihina x rehetra dia heverina ho valiny avokoa

	A	B	C	D	E
Q1	<input type="checkbox"/>	<input checked="" type="checkbox"/>	<input checked="" type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>	<input type="checkbox"/>

→ tolo-baliny voasafidy : B sy C

Source: <http://www.iclouvain.be/398195.html>

Zarazarao ho dingana efatra ny asanao, ho famaliana ny fanontaniana iray :

Dingana 1

- Vakio ireo toromarika
- Vakio ny fanontaniana sy ireo tolo-baliny mialoha ny hisafidianana ny valiny marina
- Valio haingana ny fanontaniana izay heverinao fa mora ; raha misy fanontanina hitanao fa sarotra dia dingano avy hatrany ka tohizo ny manaraka.

Dingana 2

- Ivereno jerena ireo fanontaniana izay tsy novaliana
- Andramo amina fehin-kevitra na amina andrana mankany amin'ny vinavinam-baliny
- Aza mihitsoka eo amin'ny fanontaniana iray.

Dingana 3

- Miverena any amin'ireo fanontaniana farany izay nanano sarotra anao
- Atombohy amin'ireo izay heverinao ho moramora kokoa

Dingana 4

- Ivereno vakina ireo valin-teny natolotrao rehetra
- Aza maimaika ny manitsy na manisy hosoka
- concours Hajao ireo endrika izay napetraky ny fitsipika mifehy ny fanadinana.